

LE PARTICIPE PASSE

Tahaka ny participe présent, dia mbola tafiditra ao anatin'ny mode participe ihany koa ny participe passé, izay endrika isehoan'ny verbe rehefa tanisaina amin'ny temps composé (fitanisana miaraka amin'ny auxiliaire). Miovaova arakaraka ny vondrona misy ny verbe ny endriny ka manampy ny fitadidiana azy.

1- Formation / Firafitra

Verbe du premier groupe

Ho an'ny verbe du premier groupe sy ny verbe mifara amin'ny "-er" hafa toy ny verbe "aller" dia miala ny "r" amin'ny endrika infinitif ary misolo ho "é" kosa ny "e" alohan'ny "r" amin'ny endrika participe passé.

parler – parlé (*miresaka*)

aimer – aimé (*tia*)

aller – allé (*mandeha*)

tomber – tombé (*mianjera*)

appréhender – appréhendé (*misambotra*)

Verbe du 2ème groupe

Miala ny "r" izay manome ny endrika infinitif rehefa mivadika ho participe passé ny verbe ao amin'ny 2^{ème} groupe.

démolir – démoli (*mandrava*)

franchir – franchi (*mianika*)

bondir – bondi (*mitsambikina*)

finir – fini (*mamita*)

accomplir – accompli (*mananteraka*)

Verbe du 3ème groupe

Miovaova ny endriky ny participe passé ho an'ny verbe du 3^{ème} groupe. Na dia izany aza, dia misy ireo verbe izay mitovy ny fiafaran-teny ka mety hitovy endrika ihany koa ny participe passé.

partir – parti (*miainga*)

sortir – sorti (*mivoaka*)

ouvrir – ouvert (*manokatra*)

offrir – offert (*manolotra*)

prendre – pris (*mandray*)

surprendre – surpris (*manampoka*)

mettre – mis (*mametraka*)

transmettre – transmis (*mamindra*)

entendre – entendu (*maheno, mandre*)

détendre – détendu (*mampaka aina*)

construire – construit (*manorina*)

conduire – conduit (*mamily fiara*)

recevoir – reçu (*maharay*)

décevoir – déçu (*mandiso fanantenana*)

Ankoatra ny verbe nanomezana ohatra tetsy ambony, dia misy ihany koa ireo verbe tsy manara-dalàna ka ny fanaovana tsianjery azy ihany no fomba tokana hitadidiana ny participe passé, toy ny:

élir – élu (*mifidy*)

faire – fait (*manao*)

pleuvoir – plu (*avy orana*)

devoir – dû (*tsy maintsy*)

2- Emploi du participe passé

Avec les temps composé

Ny participe passé dia ampiasaina rehefa mitanisa verbe amin'ny temps composé, dia ny fitanisana ialohavana auxilliaire izany.

Exemples:

- Je suis **allé**. / *Nandeha aho.*
- Il a **promis**. / *Nampanantena izy.*
- Nous serons **sortis**. / *Hivoaka izahay.*
- J'aurais **dû** venir. / *Tokony tonga aho.*

A valeur adjectif / Endrika mpamari-toetra

Ankoatra ny fampiasana azy amin'ny temps composé, dia azo ampiasaina ho mpamari-toetra ihany koa ny participe passé. Noho izany, tandremana tsara ny fiovany arakaraka ny genre (masculin/féminin) sy ny nombre (singulier/pluriel)

Exemples:

- un jardin **suspendu** / *zaridaina miantona* (v suspendre)
- la linge **lavée** / *ny lamba voasasa* (v laver)
- les maisons **détruites** / *ny trano simba* (v détruire)
- des poulets **rôtis** / *akoho voahendry* (v rôtir)
- Je suis **épuisé**. / *Valaka aho.*
- Elle se sent très **reposée**. / *Mahatsiaro ho tena mahazo aina izy.* (v reposer)
- Nous sommes **vaincus**. / *Resy izahay.* (v vaincre)